*Taridalana teknika ho fanatanterahana*

# NY FANAVAOZANA NY FANABEAZANA FOTOTRA



# Fanoroam-pejy


Fanalavan-teny . . . . 4

Samihafa . . . . 5

1. Ny politikam-panjakana momba ny fanabeazana fototra . . . . 7

2. Fomba fiasan'ny MEN amin'ny EPT . . . . 8

   2.1 Fanavaozana . . . . 8

   2.2 Ny rafitra fanaraha-maso sy fanaovana tomban'ezaka . . . . 9

3. Ny vokatra andrasana isan'ambaratonga sy foibem-pitondrana . . . . 10

4. Ny fiampitana avy amin'ny EPT 2005 ho amin'ny EPT 2007 . . . . 11

5. Ny fototry ny fanavaozana . . . . 13

   5.1 Ny tanjon'ny fanavaozana ara-tarehimarika . . . . 13

   5.2 Fanapahan-kevitra politika lehibe . . . . 14

   5.3 Ny firafitra vaovao ho an'ny fanabeazana fototra . . . . 14

6. Fanatontosana ny fanavaozana . . . . 15

   6.1 Fanamboarana sekoly . . . . 15

   6.2 Fanofanana mpampianatra . . . . 16

   6.3 Fandaharam-pianarana . . . . 17

   6.4 Calendrier scolaire . . . . 20

   6.5 Fanapahan-kevitra hafa . . . . 20

   6.6 Ny tetiandron'ny fanatanterahana . . . . 21

   6.7 Fiombonana antoka eo amin'ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina . . . . 22

7. Fanamafisana ny rafi-pitondrana . . . . 23

Tovana . . . . 24

   Tovana 1 : Ny anjara asan'ny sehatra tsirairay . . . . 24

   Tovana 2 : Fanontaniana mateti-pitranga . . . . 32

# Fanalavan-teny

| | |
|---|---|
| **AGEMAD** | Amélioration de la Gestion de l'Education à Madagascar |
| **CEPE** | Certificat d'Etudes Primaires et Elémentaires |
| **CFP** | Centre de Formation Professionnelle |
| **CISCO** | Circonscription Scolaire |
| **CRINFP** | Centre Régional de l'Institut National de la Formation Pédagogique |
| **DDC** | Direction de Développement des Curricula |
| **DEFP** | Direction de l'Education Fondamentale et du Pré-scolaire |
| **DREN** | Direction Régionale de l'Education Nationale |
| **DRH** | Direction des Ressources Humaines |
| **DSPS** | Direction de la Statistique, de la Planification et du Suivi |
| **DTI** | Direction de la Technologie de l'Information |
| **EPP** | Ecole Primaire Publique |
| **EPT** | Education Pour Tous |
| **ESS** | Enseignant Semi-Spécialisé |
| **FAF** | Fiombonan'Antoka amin'ny Fampandrosoana ny sekoly |
| **FDL** | Fonds de Développement Local |
| **FRAM** | Fikambanan'ny Raiamandrenin'ny Mpianatra (Association des Parents d'élèves) |
| **INFP** | Institut National de Formation Pédagogique |
| **JP** | Journée Pédagogique |
| **MAP** | Madagascar Action Plan |
| **MEN** | Ministère de l'Education Nationale |
| **PTA** | Plan de Travail Annuel |
| **SCI** | Service des Construction et Intrants |
| **ZAP** | Zone Administrative et Pédagogique |

# Samihafa

| *DREN* | *Contact* | *CISCO* | *Contact* |
|---|---|---|---|
| Alaotra Mangoro | 033 23 123 79 | Amparafaravola | 033 23 123 81 |
| | | Moramanga | 033 23 123 83 |
| Amoron'i Mania | 033 23 123 91 | Ambositra | 033 23 123 92 |
| | | Fandriana | 033 23 123 93 |
| Analamanga | 032 03 100 01 | Ankazobe | 032 03 100 07 |
| Analanjirofo | 033 23 123 84 | Fenerive Est | 033 23 123 85 |
| Anosy | | Betroka | 033 23 123 99 |
| Atsimo Andrefana | 033 23 123 67 | Sakaraha | 033 23 123 70 |
| Atsinanana | 033 23 123 73 | Vatomandry | 033 23 123 78 |
| Boeny | 033 23 123 60 | Marovoay | 033 23 123 64 |
| Diana | 032 03 100 13 | Ambanja | 032 03 100 16 |
| | | Nosy Be | 032 03 100 18 |
| Haute Matsiatra | 032 03 100 37 | Ambalavao | 032 03 100 40 |
| Itasy | 032 03 100 09 | Soavinandriana | 032 03 100 12 |
| Sava | 032 03 100 19 | Sambava | 032 03 100 20 |
| Sofia | 032 03 100 26 | Antsohihy | 032 03 100 27 |
| Vakinankaratra | 033 23 123 53 | Ambatolampy | 033 23 123 56 |
| | | Antanifotsy | 033 23 123 57 |
| Vatovavy Fitovinany | 033 23 123 94 | Mananjary | 033 23 124 11 |
| | | Vohipeno | 033 23 123 96 |

## LES DIRECTIONS DU MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE

**SG** : Secretariat Général

***Composé de :***

**DGEFA** : *Direction Générale de l'Education Fondamentale et de l'Alphabétisation*

**DGFTPES** : *Direction Générale de la Formation Technique et Professionnelle et de l'Enseignement Secondaire*

**DGESR** : Direction Générale de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche

***Sont rattachées au Secrétariat Général :***

**DAAF** : *Direction des Affaires Administratives et Financières*

**DRH** : *Direction des Ressources Humaines*

**DSPS** : *Direction de la Statistique, de la Planification et du Suivi*

**DTI** : *Direction des Technologies de l'Information*

**DREN** : *Direction Régionale de l'Éducation Nationale*

**DGEFA** : *Direction Générale de l'Éducation Fondamentale et de l'Alphabétisation*

***Directions :***

**DEFP** : *Direction de l'Éducation Fondamentale et Préscolaire*

**DDC** : *Direction du Dévéloppement des Curricula*

**DALPH** : *Direction de l'Alphabétisation*

**DGFTPES** : *Direction Générale de la Formation Technique et Professionnelle et de l'Enseignement Secondaire*

**DFTPI** : *Direction de la Formation Technique et Professionnelle Initiale*

**DFPQ** : *Direction de la Formation Professionnelle Qualifiante*

**DES** : *Direction de l'Enseignement Secondaire*

**DGESR** : *Direction Générale de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche*

**DESUP** : *Direction de l'Enseignement Supérieur*

**DR** : *Direction de la Recherche*

**DARESR** : *Direction d'Appui à la Réforme de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche*

# 1. Ny politikam-panjakana momba ny fanabeazana fototra

Araka ny teny ifanomezana fahatelo ao amin'ny Madagasikara Am-Perinasa (MAP) :

*"Hanangana lamim-pampianarana avo lenta isika, na eo amin'ny lafiny kalitao na eo amin'ny fahombiazana. Izany lamim-pampianarana izany dia handrisika ny mpianatra ho tia karokaroka ary hanampy azy hanatanteraka ny nofinofiny. Hanana ny olona ilaina i Madagasikara hahafahany mifaninana amin'ny firenena hafa ary hahatonga azy ho mpandray anjara mahomby eo amin'ny toe-karena iraisam-pirenena".*

**Ireo fanamby mifandraika amin'ny MAP dia :**

- Manome fampivelarana ny ankizy rehetra alohan'ny fidirana an-tsekoly
- Manangana rafitra fanabeazana fototra mahomby
- Manangana Kôlejy Filamatra
- Miady amin'ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra

**Ny rafim-pampianarana vaovao ho an'ny dingana voalohany dia natao mba hahafahan'ny ankizy :**

- Manana hakingana momba ny vakiteny sy ny matematika, ary fahalalana sy fahaiza-manao ilaina amin'ny fanohizany ny fianarany
- Mba ho mpianatra kinga sy tia mianatra, manana toe-tsaina mahay mitsikera, ho olompirenena mahay mandray zava-baovao sady mahay mandanjalanja eo anivon'ny fiarahamonina misy azy

**Ny tanjon'ny fanabeazana fototra :**

**Ho an'ny dingana voalohany**

- Fahafehezan'ny ankizy tenim-pirenena sy teny vahiny
- Fananan'ny ankizy ireo fahalalana fototra, sy fahaiza-manao amin'ny matematika sy ny siansa sosialy
- Fampivelarana ny fitiavana mianatra


**Ho an'ny fanabeazana fototra dingana faharoa :**

- Fanofanana ny tanora hahafahany miditra amin'ny tontolon'ny asa, na hanohy fanabeazana ambony
- Fampiroboroboana ao amin'ny tanora tsirairay ny fahaizana mamakafaka sy mikaroka amin'ny fanomezana azy ny fahalalana sy ny fahaiza-manao fototra mba hahafahany manapa-kevitra sy mamaha ny olana eo amin'ny fiainany sy eo amin'ny asany



# 2. Fomba fiasan'ny MEN amin'ny EPT

## 2.1 NY FANAVAOZANA





**Ny Ministera dia nandray fepetra samihafa hanamorana ny fizotry ny fanatanterahana :**

- Fandaminana vaovao eo anivon'ny ministera.
- Fametrahana ny rafitra UAT-EPT.
- Fametrahana rafitra mpandrindra sy mpitarika ireo mpiombona antoka.
- Fananganana ireo DREN 22 izay miantoka ny fanatanterahana ny politikan'ny Fanjakana manaraka ny fenitra sy ny tanjon'ny fanabeazana nofaritan'ny Ministera sady manaja ny zava-misy isam-paritra. Ireo Fari-piadidiam-pampianarana 111 (CISCO) eo ambany fifehezan'ny DREN dia mizarazara ho ZAP 1600 any anivon'ny kaominina.

## 2.2 NY RAFITRA FANARAHA-MASO SY FANAOVANA TOMBAN'EZAKA

Toy izao no fiasan'ny rafitra fanaraha-maso sy fanaovana tomban'ezaka :

### FANDAMINANA SY FANARAHA-MASO




Ny anjara asan'ny tsirairay (DGEFA, DDC, INFP, DEFP, DRH, DSPS, DREN, CISCO) dia voafaritra ao amin'ny **Tovana 1.**



# 3. Ny vokatra andrasana isan'ambaratonga sy foibem-pitondrana

| Rafitra | Vokatra andrasana |
|---|---|
| DDC | 1. Tafapetraka araka ny fotoana voatondro ny fandaharam-pianarana ho an'ny 7 taona ao amin'ny dingana voalohany<br>2. Vonona ny boky fianarana isaky ny fanombohan'ny taom-pianarana ary araka ny fotoana voatondro<br>3. Nohavaozina ny fomba fanombanana ny mpianatra |
| INFP | 1. Tanteraka ny fanofanana ireo Mpampianatra « semi-spécialisés » (ESS)<br>2. Voaofana sy nahazo fanamarinam-pahaizana ny Mpampianatra FRAM<br>3. Voalaminan'ireo CRINFP 18 ny tambajotran'ny mpampianatra |
| DEFP | 1. Tafapetraka amin'ny toerany ireo tambajotran'ny mpampianatra<br>2. Tonga any amin'ny sekoly rehetra eo am-panombohan'ny taom-pianarana ny vola ho an'ny caisse école |
| SCI | 1. Drafitra tokana mamaly ny fenitra sy teknika ara-pedagôjia<br>2. Fandaharanasa mifototra amin'ny famaliana ny fangatahana sy ny fitsinjarana ara-toerana<br>3. Fanatanterahana mifototra amin'ny fanomezana andraikitra ny kaominina<br>4. Fanaraha-maso sy fanaovana tombanezaka ny fandaharanasa |
| DONEP | 1. Tonga any amin'ny sekoly tsy miankina eo ampiandohan'ny taom-pianarana ny fanampiana ara-bola sy ara-pitaovana<br>2. Voaofana ny mpampianatra<br>3. Manaraka ny fandaharam-pianarana vaovao ny sekoly tsy miankina ao amin'ny CISCO 20 |
| DSPS | |
| DRH | 1. Tafiditra ao amin'ny tontolon'ny asa fanabeazana ny Mpampianatra FRAM araka ny politikan'ny Ministera<br>2. Voaray sady nahazo fanendrena eo am-panombohan'ny taom-pianarana ireo mpampianatra « semi-spécialisés »<br>3. Nitombo araka ny politikan'ny Ministera ny vola fanampiana omena ny mpampianatra FRAM |
| DREN | 1. Mifanaraka amin'ny tanjon'ny Drafitra EPT ny Drafitrasa isan-taonan'ny DREN (PTA)<br>2. Farafahakeliny 60 %, miakatra 80 % ary mahatratra 100 % mandritra ny 3 taona ny fandaniana ny Tetibola sy ny fahavitana ny PTA<br>3. Tonga ara-potoana any amin'ny sekoly ny boky, ny kits ary ny caisse école<br>4. Voaloa ara-dalàna sy ara-potoana ny tambikaraman'ny mpampianatra FRAM |
| CISCO | 1. Mahatsangana sy manatanteraka fandaharanasa madinika 3 taona momba ny fanorenan-trano sy momba ny mpampianatra<br>2. Fantatra ny anton'ny fitsoahan'ny mpianatra an-daharana ary misy fepetra 3 noraisina mifandraika amin'izany<br>3. Tafapetraka any amin'ny faritra ny fandaharam-pianarana vaovao sy ny fanofanana ny mpampianatra ary nahazoana akony izany<br>4. Tonga ara-potoana any amin'ny sekoly ny boky, ny kits ary ny caisse école<br>5. Voaloa ara-dalàna sy ara-potoana ny tambikaraman'ny mpampianatra FRAM<br>6. Mahatsangana sy mahatanteraka drafitr'asa fampandrosoana mifanaraka amin'ny EPT<br>7. Mizotra ara-dalàna ny fandaharan'asa fanorenana trano sekoly |

# 4. Fiampitana avy amin'ny EPT 2005 ho amin'ny EPT 2007

Toy izao ny fiampitana avy amin'ny EPT 2005 mankany amin'ny EPT 2007 ho an'ny Fanabeazana Fototra :

| EPT 2003-2007<br>Fanabeazana dingana voalohany 5 taona<br>Fanabeazana fototra dingana faharoa 4 taona | EPT 2008-2015<br>Fanabeazana dingana voalohany 7 taona,<br>Fanabeazana fototra dingana faharoa 3 taona |
|---|---|
| Fanitarana ny fampidirana an-tsekoly<br>Fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana | Hatsaraina ny fampidirana an-tsekoly, ny fahombiazana, ny kalitao ary ny fampitoviana lenta ny ankizy rehetra |
| Fikarohana sy fandalinana ataon'ny MEN hanatsarana ny vokatra | Teny enti-mampianatra : Malagasy mandritra ny 5 taona voalohany, Frantsay sy Anglisy : ampianarana sy ianarana amin'ny taona faha-6 sy faha-7 |
| Fanokanana teti-bola ho an'ny sekoly fanabeazana fototra | Fampitomboana miandalana ny tetibola tantanan'ny sekoly fanabeazana fototra. Fanohanana ara-tsakafo ho an'ny mpianatra any amin'ny faritra sahirana |
| Fametrahana tetik'asa ho fanatsarana ny fitantanana isan'ambaratonga | Fampitomboana miandalana ny fahaiza-mitantana mba hanatsarana ny fampiasana ny hoenti-manana |
| Fandraisana sy fanampiana ny mpampianatra FRAM, fanofanana am-perin'asa | Fanavaozana ny rafitra fanofanana mpampianatra, fitsinjovana ny fisondrotan'ny mpampianatra FRAM amin'ny asa sady fampitomboana ny karamany |
| Boky sy fitaovam-pampianarana mifanaraka amin'ny fandaharam-pianarana tranainy. Tafatsangana ny DDC. Voafaritra ny firafitra vaovaon'ny fandaharam-pianarana | Fandaharam-pianarana vaovao, famolavolana fitaovana enti-mampianatra sy fitaovam-pianarana, trano famakiam-boky ho an'ny sekoly, teny Frantsay sy Anglisy taranja ampianarina |
| Fanamboarana sy fanavaozana efitrano fianarana miaraka amin'ny mpamatsy vola saingy tsy nisy paikady mazava | Fandaharan'asa fanamboarana efitranon-tsekoly mifototra amin'ny fampandraisana anjara ny vondron'olona ifotony |
| | Fanekena sy fanarahana ny paik'ady vaovao momba ny fanamboarana efitranon-tsekoly |
| | Fanavaozana sy fanatsarana ny Sekoly Fanabeazana Fototra dingana faha-2 |

## FANAVAOZANA NY SEKOLY FANABEAZANA FOTOTRA DINGANA FAHAROA :

Ny fanavaozana :

- Fandaharam-pianarana vaovao mifanaraka amin'ny filàn'ny toekarena,
- Boky sy fitaovana ho an'ny mpampianatra sy ny mpianatra,
- Fifampiofanana sy tantsoroka eo anivon'ny tambajotran'ny sekoly,
- Fanatsarana ny fomba fitantanana ny sekoly,
- Ny Fiombonana antoka eo amin'ny Fanjakana sy ny sehatra tsy miankina.

## NY KÔLEJY FILAMATRA :

Ny Kôlejy Filamatra dia hiparitaka amin'ny alàlan'ireo tambajotrana sekoly sy mpampianatry ny fanabeazana fototra dingana faharoa, ahitana sekoly efatra ka hatramin'ny enina eo an-toerana (sekoly mpiara-miombon'antoka) mba hanome :

- Fahaiza-mitarika,
- Fiofanana,
- Fanaraha-maso an'ireo sekoly 4 ka hatramin'ny 6 mivondrona ao anaty tambajotra iray.

Ny Kôlejy Filamatra dia hitantsoroka ireo sekoly 4 ka hatramin'ny 6 ao anatin'ny tambajotra :

- Fanofanana mpampianatra,
- Fifanakalozana mpianatra sy mpampianatra
- Fifanakalozana traikefa
- Fanaovana tetik'asa iombonana

Hatao izany hanampiana ny fandaharam-pianarana sy fomba fampianarana vaovao.

Ny CISCO no misafidy ireo Kôlejy Filamatra araka ny mason-tsivana apetraky ny Minisitera.

## NY SEKOLY MISOKATRA :

Ny Sekoly Misokatra dia manolotra safidy hafa noho ny fanabeazana manara-drafitra ary mety ho fanoitra lehibe amin'ny fanitarana ny dingana voalohany sy ny fanabeazana fototra dingana faharoa. Io sekoly io dia natao ho an'ireo ankizy sy tanora efa nijanona nefa mbola te hanohy fianarana indray sy hiatrika fanadinana hahazoany diplôma.

# 5. Ny fototry ny fanavaozana

## 5.1 NY TANJON'NY FANAVAOZANA ARA-TAREHIMARIKA :

**Ho an'ny dingana voalohany**

- Amin'ny taona 2010 dia miditra ao amin'ny taona voalohany amin'ny fanabeazana fototra dingana voalohany daholo ny ankizy feno 6 ka hatramin'ny 7 taona rehetra,
- Amin'ny taona 2015 dia hanakaiky ny 100% ny taham-pahavitan'ny mpianatra ny 5 taona voalohany amin'ny dingana voalohany ary ho 65% ny fahavitany ny 7 taona,
- Atao izay hahazoan'ny mpianatra rehetra ny fahaiza-manao sy ny hakingana voafaritra isaky ny fiafaran'ny dingana,
- Amin'ny taona 2015, dia hihena ho 5% ny tahan'ny famerenan-taona ho an'ny dingana vaovao 7 taona.

**Ho an'ny fanabeazana fototra dingana faharoa**

Amin'ny taona 2015 dia :

- Mpianatra 728 000 no ho afaka mianatra eny amin'ny kolejim-panjakana sy tsy miankina nohavaozina,
- Ampitomboina ny salan'isa takina amin'ny fanadinana famaranana ny dingana faharoa (BEPC),
- Tokony hihena ho latsaky ny 15 % ny tahan'ny fitsoahana an-daharana izay 30 % amin'izao fotoana izao,
- Tokony hilatsaka ho 10% ny tahan'ny famerenan-taona izay 25 %.



## 5.2 FANAPAHAN-KEVITRA POLITIKA LEHIBE :

- Ho an'ny dimy taona voalohany ao amin'ny ambaratonga voalohany dia ny MALAGASY no teny enti-mampianatra mba hahafahan'ny ankizy mampivelatra ny fahaiza-manaony amin'ny sehatra rehetra,
- Ny teny FRANTSAY dia ampianarina amin'ny maha-teny vahiny azy ary hiova miandalana ho teny enti-mampianatra ny taranja siansa sy teknôlôjia ao amin'ny taona faha-6 sy faha-7,
- Ny teny ANGLISY dia azo atomboka ao amin'ny taona faha-4, ary tsy maintsy ianarana ao amin'ny taona faha-6 sy faha-7,
- Tsy tokony hisy ankizy ho voailika amin'ny sekoly fanabeazana fototra noho ny tsy fahafahan'ny ray aman-dreniny mandoa ny anjarany amin'ny fampandehanana ny sekoly.



## 5.3 NY FIRAFITRA VAOVAO HO AN'NY FANABEAZANA FOTOTRA :

*Firafitra vaovao ho an'ny fanabeazana fototra dingana voalohany*

| | Zana-dingana 1 (cours 1) | | | Zana-dingana 2 (cours 2) | | Zana-dingana 3 (cours 3) | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Taona ianarana | Taona 1 | Taona 2 | Taona 3 | Taona 4 | Taona 5 | Taona 6 | Taona 7 |

*Firafitra vaovao ho an'ny fanabeazana fototra dingana faharoa*

| | Zana-dingana 4 (cours 4) | | Zana-dingana 5 (cours 5) |
|---|---|---|---|
| Taona ianarana | Taona 8 | Taona 9 | Taona 10 |

# 6. Fanatontosana ny fanavaozana

Ho fiatrehana ny fanavaozana, ny ministera dia manana drafitra matipaika sy tetik'ady izay mifanaraka amin'ny zavamisy

## 6.1 FANAMBOARANA SEKOLY :

**Pôlitika vaovao no ampiharina eo amin'ny fanamboarana sekoly :**

- Fomba fiasa mifototra amin'ny filàna miainga avy amin'ny vondron'olona ifotony,
- Fanomezana andraikitra ny vondron'olona ifotony sy ny vondrom-bahoakam-paritra,
- Fametrahana fenitra iraisana momba ny fanamboarana sekoly,
- Laharam-pahamehana amin'ny fanamboarana sekoly :
  – any amin'ny sekoly ampidirana ny Taona faha-6 sy faha-7
  – any amin'ny Fokontany manana sekoly fa tsy feno hatrany amin'ny kilasy faha-5
  – any amin'ny Fokontany tsy mbola manana sekoly
- Fanafainganana ny fanamboarana sekoly :

  Fanamboarana sekoly manaraka ny fenitra iraisam-pirenena, izany hoe :

  – Fenitra ara-jeôgrafia :
    - Efitrano fianarana 1 ho an'ny mponina 200,
    - Halavirana 2 km (taona voalohany hatramin'ny faha-5), 3 km (taona faha-6 hatramin'ny faha-7).

  – Fenitra momba ny haben'ny sekoly sy ny fitantanana lakilasy :
    - Mpampianatra iray manana mpianatra 25 ka hatramin'ny 50.
- Fombafombam-panorenana :
  – Ny efitrano fianarana dia tokony hanaraka ny fenitra momba ny velarana, ny hadiry, ny hazavana ary ny fidiran-drivotra,
  – Amboarina ny efitrano mba tsy ho tanteraky ny tabataba, mba ho ambany ny tahan'ny hamandoana ary hisy ny fampitaovana fanaka : latabatra sy seza ho an'ny mpianatra tsirairay sy ny mpampianatra ary talantalana ho an'ny fitaovam-pampianarana.

## 6.2 FANOFANANA MPAMPIANATRA

**Fanofanana :**


- Fanavaozana ny fandaharam-piofanana sy ny rafitr'ireo foibe fanofanana mpampianatra,
- Fanokafana foibe vaovao fanofanana mpampianatra,
- Famolavolana tetikady momba ny fanofanana mitohy miankina amin'ny tambajotrana sekoly sy ny auto-formation ary ny fanofanana ampitain-davitra.

**Ho an'ny Dingana voalohany :**

- Fandraisana sy fanofanana mpampianatra vaovao isan-taona natokana hampianatra na taranja literera na taranja siantifika ho an'ny taona faha-6 sy faha-7,
- Ampitomboina ny vola fanampiana omena ny mpampianatra FRAM,
- Fitsinjovana ny fisondrotan'ny mpampianatra FRAM eo amin'ny asa sady fampitomboana ny fanampiana omena azy

**Ho an'ny Fanabeazana fototra dingana faharoa :**

- Fanofanana mpampianatra vaovao afaka handamina ny Kôlejy Filamatra sy Sekoly Misokatra ho an'ny rehetra.



## 6.3 FANDAHARAM-PIANARANA

**Votoatin'ny fandaharam-pianarana :**

Ny fandaharam-pianarana vaovao dia novolavolaina mba hahatratrarana ireto tanjona ireto :

- Famolavolana fandaharam-pianarana mifanaraka amin'ny taonan'ny ankizy, seha-piainany, afa-milahatra amin'ny fenitra iombonana iraisam-pirenena ary mikolokolo ny fahaiza-mamorona, ny fahaizana miara-miasa ary ny toe-tsaina mpandraharaha ;
- Famondronana ny taranja ary fibanjinana bebe kokoa ny fahaiza-manao fototra eo amin'ny taranja Malagasy, Frantsay ary Matematika sy ny fampifandraisana ny taranja sy fampiasana ny fahalalana, ny fahaiza-manao ary ny fahaiza-mitondra tena eo amin'ny fiainana andavanandro.
- Fanatsarana ny fandaharam-pianarana amin'ny alàlan'ny fampidirana ny teknôlôjia manomboka amin'ny taona voalohany, sy fampidirana ny teny Anglisy manomboka amin'ny taona faha-4 mba hanazarana ny mpianatra hihaino sy hiteny amin'ny fampiasana voambolana mifandraika amin'ny fiainana andavanandro. Manomboka amin'ny taona faha-6, ny fanabeazana teny Anglisy dia tokony hifantoka amin'ny hahaizan'ny mpianatra mamaky, miteny ary miresaka amin'ny teny anglisy tsotra ao an-dakilasy sy eo amin'ny fiainany andavanandro.
- Fametrahana amin'ny Faritra tsirairay ny safidy momba ny famaritana ny fahaiza-manao ara-java-kanto tiany (hira, hairaha araka endrika amam-bika, dihy…), safidy izay mamela ny mpianatra tsirairay hianatra zava-kanto iray mampiavaka ny faritra misy azy.



***Fandaharam-pianarana vaovao ho an'ny Fanabeazana fototra dingana voalohany***

| | Taranja | | |
|---|---|---|---|
| Taona 1-7 | Malagasy sy Siansa sôsialy | Matematika, Siansa sy Teknôlôjia | Tenim-pirenena : Frantsay, Anglisy |

***Fandaharam-pianarana vaovao ho an'ny Fanabeazana fototra dingana faharoa***

| | | | |
|---|---|---|---|
| Taona faha-8 | Malagasy, Siansa sosialy | Matematika, Siansa sy Teknôlôjia | Fandalinana ny fianarana teny Frantsay sy Anglisy |
| Taona faha-9 | Malagasy, Siansa sosialy | Matematika, Siansa sy Teknôlôjia | Fandalinana ny fianarana teny Frantsay sy Anglisy |
| Taona faha-10 Enim-bolana voalohany | Malagasy, Siansa sosialy | Matematika, Siansa sy Teknôlôjia | Fandalinana ny fianarana teny Frantsay na Anglisy |
| Taona faha-10 Enim-bolana faharoa | Afaka manaraka fanabeazana nofinidiny manokana ny mpianatra amin'ny telovolana faharoa. Fomba fianarana mifototra amina tetikasa no ampiasain'ny rehetra amin'izany. Eo am-piantombohan'ny telovolana voalohany ny mpianatra no manatanteraka ny safidiny | | |
| | Taranja isafidianana : Anglisy tenenina na Frantsay, ny siansa ampiharina sy ny matematika, ny literatiora malagasy, ny fanabeazana ho amin'ny asa, ary taranja hafa nofidin'ny sekoly. Azo ampidirina ny fanofanana mpampianatra ho an'ny dingana voalohany, ny asa iombonana, na ny fizaran-draharaha eny anivon'ny orinasa | | |





## Ny boky fianarana sy fitaovam-pampianarana:

Hisy boky fianarana sy taridalana ho an'ny mpampianatra hovolavolaina isaky ny taranja.

Ny fitaovam-pampianarana rehetra dia hanampy amin'ny fianarana ny votoatin-taranja sy ny fampivelarana ny fahaiza-manao amin'ny alàlan'ny fomba fanabeazana mifototra amin'ny tetikasa sy ny siansa ary ny matematika ampiharina.

**Ny tanjona amin'izany:**

- Fanavaozana ny boky sy ny fitaovam-pampianarana mifanaraka amin'ny fandaharam-pianarana vaovao,
- Fanajana ny fitsinjarana "ankizy iray, boky iray",
- Fampitomboana ny fampiasan'ny ankizy ny boky fianarana,
- Famatsiana boky famakian-teny fanampiny amin'ny teny Malagasy sy Frantsay ho an'ny taona faha-6 sy faha-7: lohateny 15 ka hatramin'ny 20 isaky ny taona ianarana ary boky 1 (tsy mifidy lohateny) isaky ny ankizy,
- Famatsiana fitaovam-pampianarana fanampiny ho an'ny taranja Matematika,
- Fanatsarana ny fitantanana ny fitaovam-pampianarana eny anivon'ny sekoly.

## 6.4 CALENDRIER SCOLAIRE

**Tanjona :**

- Hanova miandalana sy hanatsara ny calandrier scolaire mba hampitomboana ny fotoana tena ianaran'ny mpianatra

**Fanamarinana :**

Tsy ampy ny fotoana ianaran'ny mpianatra vokatry ny :

- Loza voajanahary (rivo-doza, tondra-drano...)
- Vanim-potoanan'ny orana
- Fotoanan'ny maitso ahitra
- Faharatsian'ny làlana

**Tetikady :**

- Fanovàna miandalana ny tetiandron'ny fanabeazana
- Fanatanterahana fakan-kevitra any amin'ny faritra

**Tanjaka :**

- Manova miandalana ny taom-pianarana misabaka amina taona sivily roa (oh. : 2007-2008) ho amin'ny taona sivily tokana (ohatra : 2008)
- Ampifanandrifina amin'ny fidiran'ny oniversite ny faran'ny taom-pianarana

**Calendrier scolaire :**

- Fidiran'ny Mpandraharaha : 08 septambra 2008
- Fidiran'ny Mpampianatra : 15 septambra 2008
- Fidiran'ny Mpianatra : 22 septambra 2008

| ***Roavolana*** | ***Vanim-potoana*** | | ***Fialantsasatra/ fiatoana*** |
|---|---|---|---|
| | ***Fanombohana*** | ***Fiafarany*** | |
| Voalohany | 22 sep 2008 | 31 okt 2008 | Fialantsasatra novambra : 01 - 09 nov 2008 |
| Faharoa | 10 nov 2008 | 19 des 2008 | Fialantsasatra Noely : 20 des 2008 - 04 jan 2009 |
| Fahatelo | 05 jan 2009 | 13 feb 2009 | Fiatoana amin'ny roavolana fahatelo : 14 - 22 feb 2009<br>Andron'ny sekoly : 16 - 17 - 18 feb 2009 |
| Fahaefatra | 23 feb 2009 | 03 apr 2009 | Fialantsasatra Paska : 04 - 19 apr 2009 |
| Fahadimy | 20 apr 2009 | 29 may 2009 | Fiatoana : 30 may - 07 jona 2009 |
| Fahaenina | 08 jona 2009 | 17 jol 2009 | Fiatoana Fetim-pirenena : 25 - 28 jona 2009 |
| | 18 jol 2009 | 27 sep 2009 | Fialantsasatra |

**Datin'ny fanadinana :**

- CEPE : 13 jol 2009
- BEPC : 20 - 21 - 22 - 23 jol 2009
- CAP/EP : 17 - 18 aog 2009

## 6.5 FANAPAHAN-KEVITRA HAFA

- Toeram-pisakafoana an-tsekoly
- Fanabeazana mampiaty : ao an-tsekoly dia misy ny fikarakarana fototra handraisana ireo ankizy mila fikarakarana manokana, manana fahasembanana ohatra, ahafahany mianatra miaraka amin'ny ankizy rehetra
- Fanofanana ampitain-davitra
- Famolavolana tetikady ho an'ny filàna manokana (oh. Fanabeazana hanenjehana ny fahatarana nateraky ny rivodoza)

## 6.6 NY TETIANDRON'NY FANATANTERAHANA

| Taona ianarana | | Taom-pianarana | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 2008/09 | 2009/10 | 2010/11 | 2011/12 | 2012/13 | 2013/14 | 2014/15 |
| Taona 1 | Isan'ny CISCO | 20 | 65 | 111 | | | | |
| | Dingana | Sant. | Fio Fana | Fana | | | | |
| Taona 2 | Isan'ny CISCO | | 20 | 65 | 111 | | | |
| | Dingana | | Sant. | Fio Fana | Fana | | | |
| Taona 3 | Isan'ny CISCO | | | 20 | 65 | 111 | | |
| | Dingana | | | Sant. | Fio Fana | Fana | | |
| Taona 4 | Isan'ny CISCO | | | | 20 | 65 | 111 | |
| | Dingana | | | | Sant. | Fio Fana | Fana | |
| Taona 5 | Isan'ny CISCO | | | | | 20 | 65 | 111 |
| | Dingana | | | | | Sant. | Fio Fana | Fana |
| Taona 6 | Isan'ny CISCO | 20 | 65 | 111 | | | | |
| | Dingana | Sant. | Fio Fana | Fana. | | | | |
| Taona 7 | Isan'ny CISCO | | 20 | 65 | 111 | | | |
| | Dingana | | Sant. | Fio Fana | Fana | | | |
| Taona 8 | Isan'ny CISCO | | | 20 | 65 | 111 | | |
| | Dingana | | | Sant. | Fio Fana | Fana | | |
| Taona 9 | Isan'ny CISCO | | | | 20 | 65 | 111 | |
| | Dingana | | | | Sant. | Fio Fana | Fana | |
| Taona 10 | Isan'ny CISCO | | | | | 20 | 65 | 111 |
| | Dingana | | | | | Sant. | Fio Fana | Fana |

**Fanoroana :**

Sant. : *Santatra*

Fio Fana : *Fiomanana amin'ny Fanapariahana*

Fana : *Fanapariahana tanteraka. Ny lakilasy rehetra amin'ny taona voalohany sy ny taona faha-6 dia hiaraka mampihatra fandaharam-pianarana mitovy.*

## 6.7 FIOMBONANA ANTOKA EO AMIN'NY FANJAKANA SY NY SEHATRA TSY MIANKINA

Ny sehatry ny fanabeazana tsy miankina dia mpiombona antoka manan-danja eo amin'ny fanavaozana.

Ifanarahana ny anjara asan'ny tsirairay ary afaka miombona antoka tanteraka amin'ny MEN, ny CISCO sy ny vondron'olona ifotony ny sehatry ny sekoly tsy miankina amin'ny lafiny rehetra :

- Manombana sy mitrandraka ny isan'ny Mpampianatra rehetra manana fahazahoan-dàlana hampianatra omena fanampiana (EPP, CEG, LYCEE) ; ny sekoly mila fanampiana ho fanamaivanana ny vesatry ny ray aman-dreny (sarampianarana tsy mihoatra ny 800 Ariary) ary ny sekoly mangataka fanampiana ara-bola hitsinjovana ny fampitomboana ny efitranon-tsekoly, ny kalitao ary fitsinjovana ny fianakaviana sahirana,
- Fidirana amin'ny tambajotran'ny Kôlejy Filamatra,
- Fametrahana ny Sekoly Misokatra,
- Fanontana boky fianarana,
- Fanofanana ny mpampianatra.
- …

Ny fiaraha-miasan'ny Fanjakana sy ny sehatra tsy miankina dia mitondra fiombonana antoka mahomby, miaraka amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manao izay hiteraka tombontsoa ho an'ny mpiray antoka.



# 7. Fanamafisana ny rafi-pitondrana

**Misy lafiny roa lehibe ny ezaka fanamafisana ny rafi-pitondrana :**

- Ny fanamafisana ny fifandraisana anatiny sy ivelany mba hampitovy ny fanetsehana ny fahaizana sy fahaiza-manao rehetra misy,
- Ny fanatsarana ny fomba fiasa mba hahazoana fahombiazana, ny fahamarinam-pototry ny asa atao, ny fahaiza-mitantana ny fanavaozana ary ny fanajana ny tontolo manodidina.

**Ny fanamafisana ny rafi-pitondrana dia mikendry ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo tarika samihafa voakasiky ny fanatanterahana ny EPT eo amin'ny lafiny :**

- Fanomanana drafitr'asa mirindra araka ny tanjona hotratrarina, miaraka amin'ny famaritana mazava ny asa, ny fitsinjarana ny tetibola isaky ny asa (tetibolam-panjakana na ny tahiry fanampiny azo avy amin'ny mpiray antoka),
- Famaritana ny tondrom-bokatra,
- Fanatanterahana ny drafitr'asa araka ny tetibola sy ny fe-potoana voatondro,
- Fanombanana ny asa vita manoloana ny tanjona napetraka.

**Ny tetikady sy ny asa atao dia :**

- Fampahafantarana sy fanofanana ireo tarika samihafa momba ny andraikiny sy ny anjara asany,
- Fanazavana ny fizotry ny asa: famaritana sy fanatanterahana ny drafitr'asa isan-taona (fanorenana sekoly, fanofanana ny mpampianatra, fandaharam-pianarana, famatsiana mpiasa sy vola ho an'ny sekoly),
- Fanofanana amin'ny fanomanana sy fanatanterahana ny tetibola isan-taona, ny fanaraha-maso,
- Fametrahana kitapom-bola hanampiana ny DREN sy ny CISCO ho amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manaony eo amin'ny fanatanterahana ny drafitr'asa isan-taona,
- Fametrahana ny rafitra fanaraha-maso sy fanaovana tatitra ara-potoana,
- Fanamafisana ny fahaiza-mitarika amin'ny ambaratonga rehetra.

**Tafiditra ao anatin'ny fanamafisana ny rafi-pitondrana koa ny fanamafisana ireo foibem-panofanana samihafa (INFP sy CRINFP), izany hoe :**

- Fanavaozana ny fandaminana ny foibe misahana ny fanofanana mpampianatra,
- Fanamafisana ny foibem-panofanana amin'ny anjara asa maha-mpamolavola ny fandaharam-pianarana sy fitaovam-panofanana ary amin'ny maha-mpiantoka ny kalitao azy,
- Fanitsiana ny satan'ny CRINFP mba hahafahany mizaka tena, mampiroborobo ny fanofanana akaiky ampandraisana anjara ireo rafitra isan-tsokajiny toy ny DREN, CRINFP, CISCO, ZAP sy ireo mpandraharaha tsy miankina, ary mba hampitomboana ny fahefan'ireo CRINFP mandray mpiofana.

# Tovana

## TOVANA I : NY ANJARA ASAN'NY SEHATRA TSIRAIRAY

| | Fitarihana/Pôlitika | Tetikady sy Drafitra | Mpiasa |
|---|---|---|---|
| **DGEFA** | Mamolavola sy mizara ny vina EPT.<br>Mifarimbona amin'ny fampandrosoana ny politikan'ny EPT ary mandray fanapahan-kevitra politika momba ny lohahevitry ny EPT mba hahazoana vokatra tsaratsara kokoa.<br>Tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny drafitra EPT, miantoka ny fandrindrana ny asa amin'ny ankapobeny.<br>Mandrindra ny famatsiam-bola sy ny asan'ny mpiombona antoka eo anivon'ny EPT.<br>Mifampiraharaha amin'ny Minisiteran'ny Vola momba ny tetibola | Mampivelatra sy manitsy ny drafitra EFA sy ny tetikady fototra.<br>Mamaritra ny laharam-pahamehana isan-taona. | Manaraka sy mandrindra ny fanatanterahana ny politika mamaly ny filana mpampianatra.<br>Manampy amin'ny famanatarana ny fahaiza-manao sy fiofanana ilain'ny mpiasa birao amin'ny ambaratonga samihafa. |
| **DDC** | Tompon'andraikitry ny fandaharam-pianarana, ny boky fianarana sy ny fanombanana. | Mitarika ny famoronana, ny famolavolana sy ny fanandramana ny boky sy ny taridalana.<br>Manavao ny fomba fanombanana ny mpianatra.<br>Mamolavola fomba fanombanana ny fandaharam-pianarana sy ny boky fianarana. | |

| Fanofanana | Fandaharam-pianarana | Fitaovam-pampianarana | Fanorenan-tranon-tsekoly sy kojakojam-pianarana | Tetibola sy Fifanaraham-barotra |
|---|---|---|---|---|
| Manara-maso sy mandrindra ny fanatanterahana ny politikan'ny fanofanana mpampianatra. | | Manara-maso sy mandrindra ny politikan'ny famolavolana fandaharam-pianarana sy boky fianarana.<br>Mandrindra ny fametrahana politikan'ny boky. | Manara-maso ny fanatanterahana ny tetikady fanamboarana sekoly.<br>Mampamoaka ny vola ho an'ny fanamboarana efitrano fianarana : famindrana ny vola any amin'ny orinasa mpanatanteraka asa na mmpitantanmbola/ mpandoa vola.<br>Mankato ny lisitry ny toerana anamboarana voatondro, mampaha-fantatra ny CISCO ny vola hatokana ho amin'ny fanamboarana sy ny isan'ny efitra amboarina. | Manomana ny tetibola isan-taona sy ny drafitr'asa EPT.<br>Manara-maso ny fanatanterahana ny tetibolan'ny EPT, ny vidin'entana tsirairay sy ireo tetikasan'ny mpamatsy vola misy fifandraisana amin'ny EFA rehetra. |
| | | Mividy sy mamokatra ny fitaovam-mpampianarana ilain'ny mpampianatra, mamolavola ny votoatiny miaraka amin'ny INFP.<br>Mamarana ny fanatanterahana ny APC: manombato-mbana ny votoatiny sy ny fampiasana azy. | | Mamolavola ny tetibolan'ny DDC isan-taona.<br>Manao ny fanarahamaso ankapobeny momba ireo fifanaraham-barotra rehetra mifandray amin'ny asan'ny DDC. |

| | Fitarihana/Pôlitika | Tetikady sy Drafitra | Mpiasa |
|---|---|---|---|
| **INFP** | Mamolavola ny politikan'ny fanofanana mpampianatra ary mamaritra ireo tondrom-bokatra ho an'ny fanatanterahana izany politika izany (fiofanana fototra ho an'ny kilasy faha-6 sy faha-7, fiofanana mitsinjo ny fisondrotana eo amin'ny asa ho an'ireo mpampianatra FRAM). | Fanofanana mpampianatra ESS: Maminavina ny filàna mpampianatra ESS (miaraka amin'ny DPEFA).<br>Fanofanana ny mpianatra ho mpanolotsaim-pampianarana ambaratonga voalohany (ECPEP): mamolavola ny rafitra.<br>Mamolavola ny rafi-panofanana mitsinjo ny fisondrotana eo amin'ny asa (miaraka amin'ny DDC sy ny DRH).<br>Mamolavola sy mandrafitra ny fanofanan-davitra izay manamafy ny fanofanana akaiky ataon'ny mpampianatra (miaraka amin'ny DDC sy ny DTIC).<br>Mametraka ny fiantohana ny kalitaon'ny rafitra.<br>Mametraka ny drafitr'asan'ny INFP/CRINFP (miaraka amin'ny DPEFA) – Mamantatra sy manombana ny filàna (fotodrafitrasa, fitaovana, mpiasa, fandraisana mpiasa, fiofanana, fanapariahana mpiasa), ny sarany, mandahatra ny asa (drafitra fampandrosoana ny fanofanana mpampianatra). | Mamantatra ny mpampiofana ilain'ny rafi-panofanana, mamaritra ny drafitr'andraikiny sy ny fomba fiasany (miaraka amin'ny DRH). |
| **DEFP** | Tompon'andraikitra amin'ny fanampiana ny sekoly sy ny fanatanterahana ny drafitr'asa eo anivon'ny sekoly. | Mamolavola ny tetikady momba ny fanampiana ny sekoly : fampihenana ny taham-pitsiahana andaharana sy famerenantaona, fampihenana ny tsy fitoviana, tetikady momba ny caisse école, ny fitaovam-pianarana ho an'ny mpianatra sahirana, fampisakafoanana antsekoly, tantsoroka.<br>Mitarika ny asa momba ny tahiry fanampiana ny DREN/CISCO/SAP/Sekoly. | |

| Fanofanana | Fandaharam-pianarana | Fitaovam-pampianarana | Fanorenan-tranon-tsekoly sy kojakojam-pianarana | Tetibola sy Fifanaraham-barotra |
|---|---|---|---|---|
| Fanfanana ESS : mandray ireo ESS hofanina, mamantatra ireo mpampiofana, mamolavola ny fandaharam- pianarana (miaraka amin'ny DDC sy ny sehatra tsy miankina), miantoka ny fanaraha-maso ny fanofanana ataon'ny CRINFP, ny fanomezana fanamarinana.<br>Fanofanana ECPEP: mamolavola ny fandaharam-pianarana, miantoka ny fanaraha-maso sy ny fanombanana (miaraka amin'ny DDC sy ny sehatra tsy miankina).<br>Manatanteraka ny fanofanana mpampianatra FRAM, mitsinjo ny fisondrotana eo amin'ny asa Mamolavola sy manatanteraka ny fanofanan-davitra izay manamafy ny fanofanana akaiky ataon'ny mpampianatra (miaraka amin'nyDDC sy ny DTI).<br>Mametraka ny fiantohana ny kalitaon'ny rafi-piofanana : mankato ny lentan'ny taranja atolotry ny CRINFP ary manamarina ny faripahaizana. | | | Mamaritra ny filàna momba ny fanorenan-trano sy ny fanavaozana ny INFP/CRINFP. | Mamolavola ny tetibola isan-taona ho an'ny fanofanana fototra.<br>Mankato ny tetibolan'ny CRINFP ho an'ny fanofanana mitohy.<br>Manara-maso ny fandaniam-bola sy ireo tatitra momba izany.<br>Manara-maso ankapobeny ny fifanaraham-barotra ataon'ny INFP. |
| Miantoka ny fanohizana ny fanofanana amin'ny alalan'ny tantsoroka eny an-tsekoly sy CRP (miaraka amin'ny INFP). | | Fanaraha-maso ankapobeny ny fahavononan'ny fitaovana, ny filàna momba izany, ny fampiasana sy ny fiantraikan'ny fampiasana azy. | Fanaraha-maso ankapobeny eny anivon'ny sekoly (miaraka amin'ny SCI sy ny DREN). | |

| | Fitarihana/Pôlitika | Tetikady sy Drafitra | Mpiasa |
|---|---|---|---|
| **SCI** | | | |
| **DONEP** | Tompon'andraikitra amin'ny fampiharana ny fiaraha-miombona antoka fanjakana, sekoly tsy miankina (3P) | Mamolavola ny tetikady momba ny fanampiana, ny fizarana ary ny fanarahamaso ny fampiasana izany, ara-bola sy ara-pitaovana ary ara-piofanana.<br>Miara-miasa amin'ny DGEFA sy ny sehatra ao amin'ny Misistera ary ny Directions Nationales de l'Enseignement Privé. | Miantoka ny fahatongavan'ny fanampiana any ifotony, amin'ny alalan'ny taratasim-bola hiarahamiasa amin'ny DREN, CISCO sy ny Talen-tsekoly<br>Manara-maso ny fampiasana ny fanampiana sy fanarahana ny fandaharam-pianarana<br>Manao izay aha-ara-dalàna ny sekoly sy ny mpampianatra (Autorisation d'Ouverture, Autorisation d'Enseigner)<br>Manara-maso ny fanarahan-dalàna ao amin'ny sekoly sy ny mpampianatra<br>Mandamina ny olana mety hitranga |
| **DSPS** | | | |

| Fanofanana | Fandaharam-pianarana | Fitaovam-pampianarana | Fanorenan-tranon-tsekoly sy kojakojam-pianarana | Tetibola sy Fifanaraham-barotra |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| Manendry ireo mpampiofana ny mpampiofana (Grands formateurs), fiaraha-miasa amin'ny INFP sy ny Directions Nationales de l'Enseignement Privé (8)<br>Handray anjara amin'ny fampiofanana (4 grands formateurs ONEP)<br>Manara-maso ny fampiofanana ny mpampianatra amin'ny sekoly tsy miankina | Miantoka ny fampiharana ny fandaharam-pianarana.<br>Tsy misakana ny tombony araka ny safidin'ny tsirairay (Valeur ajoutée) | Manara-maso ny fampiasana sy ny fiantraikan'ny fampiasana azy | Mamoaka ny lisitry ny sekoly mahazo ny dina omban-damin'asa (Contrat programme), fanatsarana tranon-tsekoly, fampitaovana toy ny solosaina, dabilio, … | Mamolavola tetibola<br>Mandalo filankevipitatanana (Conseil d'Administration)<br>Manome taratasimbola ho an'ny sekoly, ampandalovina DREN, CISCO |
| | | | | |

| | Fitarihana/Pôlitika | Tetikady sy Drafitra | Mpiasa |
|---|---|---|---|
| **DRH** | Tompon'andraikitry ny politika entina mamatsy mpampianatra ny sekoly. | Manombana ny isan'ny mpampianatra hofanina.<br>Mamaritra ny isan'ny mpampianatra tokony hahazo fisondrotana grady.<br>Manatontosa drafitr'asa sy fanadihadiana momba ny famatsiam-bola hoenti-mampihatra ny fanondrotana ny mpampianatra tsy mpiasam-panjakana (ENF) nahazo mari-pahaizana, ao anatin'ny politika mikendry ny hahamatianina azy sady mitodika amin'ny fitantanana ny mpampianatra mifototra amin'ny fanapariaham-pitondrana. | Mitantana ny toeran'asa nahazo tetibola ho an'ny mpampianatra mba hiantohana ny filàn'ny drafitrasa, Mifampiraharaha amin'ny MFB.<br>Miantoka ny fandraisana mpampianatra, ny famindrantoerana sy ny famaritana mazava ny satan'ny mpampianatra ao amin'ny ambaratonga voalohany<br>Miantoka ny fandraisana mpampianatra, ny famindrantoerana ny mpiasa tsy mpampianatra ilaina amin'ny fanatanterahana ny drafitr'asa |
| **DREN** | Tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny EPT eny anivon'ny faritra<br>Mamolavola ao anatin'ny drafitrasa isan-taonany ny tetikady manokana hanatratrarana ny tanjona mifandray amin'ny fampidirana sy ny fitazonana mpianatra an-tsekoly, ny famerenan-taona, ny fampihenana ny tsy fitoviana<br>Miantoka ny famolavolana ny drafitr'asa isan-taona, mandrindra sy manara-maso ny asa | Mandrafitra ny filàna rehetra (mpiasa, fanamboarantrano, vola) ho an'ny EPT ao amin'ny faritra misy azy | Miantoka ny fitsinjarana ny mpiasa amin'ny faritra, indrindra ny mpampianatra FRAM, ny ESS, ny mpampianatra mpiasam-panjakana |
| **CISCO** | Tompon'andraikitra amin'ny fanatanterahana ny EPT eny anivon'ny Distrika<br>Mamolavola ao anatin'ny drafitrasany isan-taona ny tetikady manokana mba hanatratrarana ny tanjona mifandray amin'ny fampidirana sy ny fitazonana mpianatra an-tsekoly, ny famerenan-taona, ny fampihenana ny tsy fitoviana Miantoka ny famolavolana ny drafitrasa isan-taona, mandrindra sy manara-maso ny asa eny anivon'ny distrika | Mandrafitra ny filàna rehetra (mpiasa, fanamboarantrano, vola) ho an'ny EPT ao amin'ny distrika misy azy :<br>Mpanao drafitra « madinika » mikasika ny hoenti-manana | Manara-maso ny filàna mpampiantara, mandray ny tamberina momba ny fanofanan-davitra sy akaiky ary mampita izany any amin'ny CRINFP<br>Fanavaozana miandalana ny fomba fanombanana ny mpianatra: miantoka ny fanatanterahana izany |

| Fanofanana | Fandaharam-pianarana | Fitaovam-pampianarana | Fanorenan-tranon-tsekoly sy kojakojam-pianarana | Tetibola sy Fifanaraham-barotra |
|---|---|---|---|---|
| Mandray anjara amin'ny famaritana ny fanamarinam-pahaizana ilaina amin'ny fitsinjovana ny fisondrotan'ny mpampianatra FRAM eo amin'ny asa (miaraka amin'ny INFP) | | | Mamaritra ny filàna momba ny fanorenan-trano sy ny fanavaozana ny INFP/CRINFP. | Miantoka ny fanaraha-maso ny fampiharana ny fandoavana ara-potoana ny vola fanampiana ho an'ny mpampianatra FRAM<br>Manomana ny fampiakarana miandalana ny vola fanampiana ho an'ny mpampianatra FRAM |
| Manara-maso ny fanofanana ny mpampianatra eo amin'ny faritra | Miantoka ny fampiharana ny fandaharam-pianarana | Miantoka ny fitsinjarana fitaovana ho an'ny sekoly (kitapom-bola, boky fianarana, fitaovam-pianarana, sns. .), ary manarina ny tsy lesoka amin'ny fomba fiasa | Manara-maso ny fanatanterahana ny fandaharanasa fanamboaran-tsekoly sy fampitaovana ny sekoly ao amin'ny faritra misy azy | Mamolavola tetibola isan-taona ho an'ny DREN sy manatanteraka izany<br>Manara-maso ny fandaniam-bola eny anivon'ny CISCO<br>Manatanteraka ny fifanaraham-barotra momba ny fampitaovana ho an'ny sekoly rehetra ao amin'ny faritra misy azy |
| Manampy amin'ny fanatanterahana ny fanofanana akaiky, miantoka ny fampandehanana ny tambajotrana sekoly sy mandray anjara amin'ny fanaovana tombanezaka<br>Mandray anjara amin'ny fanofanana ECPEP (fandraisana sy tantsoroka, fanaraha-maso syfanombanana ny mpiza-draharaha) | | Mandray sy mizara ny fitaovana ho an'ny sekoly, mitantana ny antontanisa rehetra mikasika izany ary manavao izany hatrany ; Mandamina sy manatanteraka ny fizaràna (tetiandro, fomba, sarany)<br>Mizara ny fitaovana APC voarindra CP1 ka hatramin'ny CM2 ho an'ireo toeram-pianarana<br>Mandefa ny tatitra momba ny tsy fahalavorariana mitranga any amin'ny DREN | Mametraka ny CTEA (fanamboarana sekoly)<br>Mamita ny anjara asany voafaritra ao anatin'ny bokin'ny fanorenan-tranon-tsekoly | Mamolavola sy manatanteraka ny tetibolan'ny CISCO<br>Miantoka ny fametrahana ny rafitra fanaovana fifanaraham-barotra eny anivon'ny CISCO. |

## TOVANA II : FANONTANIANA MATETI-PITRANGA

## *MPAMPIANATRA*

### MOMBA NY EPT :

- **Inona izany hoe fanavaozana ny fanabeazana ? Inona no hiova ?**

  *Hatao 7 taona ny faharetan'ny Fanabeazana Fototra Dingana Voalohany izay 5 taona, hatao 3 taona ny faharetan'ny Fanabeazana Fototra Dingana Faharoa izay 4 taona ary hatao 2 taona ny Lycée izay 3 taona.*

- **Inona no atao hoe drafitra EPT ? Tetikasa ve izany ?**

  *Fandaharanasa ny Drafitra EPT, mamaritra andiam-panovana novolavolaina mba hanatsarana fanabeazana, hahatratrarana ny tanjona fanabeazana 10 taona ho an'ny rehetra.*

- **Nahoana no nahitsy ny drafitra EPT ?**

  *Satria ny zava-kendren'ny Governemanta dia ny hanome fanabezana 10 taona ho an'ny rehetra, dia nitarina ny fanavaozana ary ilaina ny manambara mazava ny laharam-pahamehana sy mampahafantatra ny olona ny momba ny fanatanterahana azy.*

- **Inona no fifandraisana misy eo amin'ny MAP, ny fanavaozana ny rafi-panabeazana sy ny drafitra EPT ?**

  *Tao anaty lasitry ny MAP no namolavolana ny drafitra. Noho izany dia mifamatotra amin'ny tanjona sy tetikadim-pampandrosoana ara-toekarena sy sôsialin'ny firenena.*

- **Iza no mpikatroka ary iza no mahazo tombontsoa ?**

  *Mpikatroka : MEN foibe, ny CISCO sy ny DREN, ny mpampianatra, ny ray aman-dreny, ny sekoly. Mahazo tombontsoa : mpianatra sy ny mpiombona antoka rehetra.*

- **Inona no tanjona kendrena ?**

  *Tanjona : miantoka ny fidiran'ny zaza malagasy rehetra tonga taona hianatra sy ho tamana any an-tsekoly. Hanome fanabeazana mahomby sy tsara kalitao ho an'ny mpianatra.*

- **Mety ho tratra marina ve ireny tanjona ireny ?**

  *Azo tratrarina ny tanjona miaraka amin'ny fanomezan-danja sy ny fifanomezan-tànana eo amin'ny mpikatroka rehetra.*

- **Inona no vokatsoa entin'ny fanavaozana ?**

  *(i) aorian'ny fianarana 7 taona dia tsy hiverina ho tsy mahay mamaky teny sy manoratra intsony ny ankizy; (ii) mitombo 2 taona ny fiarahan'ny mpianatra amin'ny ray aman-dreniny vao hanatona ny fanabeazana fototra dingana faharoa izay mazàna lavitra ny toerana misy azy ; (iii) mihamora ny fidirana amin'ny 2 taona fanampiny satria akaiky ny sekoly fanabeazana fototra dingana voalohany (CEG iray ho an'ny sekoly 179) (iv) fanavaozana ny fandaharam-pianarana mba hamaly kokoa ny filàna fototra ; (v) mampihena ny fitsoahana an-daharana indrindra aorian'ny taona faha-5 ary hampihenana ny fanakaramana ankizy latsaka ny 15 taona.*

- **Rahoviana no hampiharina ny fanavaozana ?**

*Manomboka amin'ny taom-pianarana 2008-2009.*

- **Ahoana no fizotran'ny fanatanterahana ny fanavaozana ?**

  *CISCO 20 no santatra hanombohana ny fanavaozana ny taom-pianarana 2008-2009 ary hiitatra hivelatra tsikelikely any amin'ny CISCO rehetra hatramin'ny 2015 .*

- **Inona no mason-tsivana nifidianana ny CISCO santatra ? Iza no nifidy azy ireo ?**

  *Mason-tsivana :*

  *- Sekoly tsy mahafeno hatramin'ny kilasy faha-5*

  *- Sekoly manakaiky CRINFP*

  *- Ny teknisianin'ny Foibem-pitondrana misahana ny Drafitry ny Fanabeazana Fototra sy ny ady amin'ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra no nisafidy ireo CISCO ireo*

- **Dingana fanandramana ve io ?**

  *Fampiharana miandalana no atao ka santarina amin'ny CISCO 20 ny 2008-2009, CISCO 45 hafa ny 2009-2010 ary any amin'ny CISCO 46 ambiny ny 2010-2011.*

- **Sao dia lasa sorona amin'ny fanandramana ireo mpianatra any amin'ireo CISCO andrana ? Inona avy ny fepetra ampiarahana amin'ny fanavaozana ?**

  *Tsy ho sorona ny mpianatra satria efa maty paika ny fomba hanatanterahana ny fanavaozana. Misy ohatra ny fepetra fanampiny horaisina toy ny famolavolana boky fianarana, fanofanana ny mpamolavola fandaharam-pianarana sy ny mpanoratra boky ary ny mpampianatra. Misy fandraisana fikambanana iraisam-pirenena hanohana ny rafitra misy eto an-toerana.*

- **Voatery tsy maintsy mandray ny fanavaozana ve ny fanabeazana tsy miankina ?**

  *Tsy voatery, saingy mazava ho azy fa raha manala ny fanadinam-panjakana ny mpianatra ao aminy dia tombontsoany ny manaraka ny fanavaozana. Ny fandaharam-pianarana dia natao ho an'ny sekoly rehetra na miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana, toy izany koa ny fanadianana. Saingy afaka manampy taranja hafa araka ny safidiny avy ny tsirairay, ohatra : fandalinam-pinoana, mozika…*

- **Inona no anjara asan'ny fanabeazana tsy miankina ?**

  *Mandray anjara amin'ny asa fandinihana, famolavolana ary fankatoavana ireo singa mamorona ny fanavaozana.*

- **Inona no fanampiana omen'ny fanjakana manoloana ny fanavaozana samihafa ? (efitrano fianarana, mpampianatra, boky fianarana...)**

  *Homena fanampiana ny fanabeazana tsy miankina manaraka ny fanavaozana.*

- **Inona no anjaran'ny vondron'olona amin'ny fanatanterahana ny EPT ?**

  *Miankina amin'ny fomba fiasa izany :*

  *Fomba fiasa MOD (Maître d'Ouvrage Délégué) : orinasa mpanatanteraka no manao ny asa. Ny vondron'olona ifotony no tompon'ny asa ary miantoka ny fikojakojana.*

- **Inona no ifandraisan'ny drafitra EPT sy ny asa andavanandro?**

  *Ny fanatanterahana ny drafitra EPT dia asa andavanandron'ny mpikatroka momba ny fanabeazana rehetra.*

- **Mbola hisy ihany ve ny APC ?**
  *Ny programa vaovao dia mbola mitodika amin'ny compétences APC. Noho izany ny fanarahana ny fampiharana ny APC dia tokony hohamafisina hatrany.*
- **Hisy anarana vaovao sy fanavaozana ny firafitry ny lakilasy ve ?**
  *Eny, Mizotra miandàlana.*
- **Miara-voakasiky ny fanavaozana daholo ve ny votoatin'ny taranja sy ny fotoana ampianarana ?**
  *Navondrona amin'ireto taranja ireto ireo taranja rehetra nampianarina teo aloha :*
  *- Malagasy , Frantsay, Anglisy*
  *- Matematika, Siansa sy teknôlôjia izay ampianarana ny fizika, simia, teknôlôjia ary SVT*
  *- Siansa sôsialy izay ahitana ny Tantara, Jeôgrafia ary FMOM*
  *Miova noho izany ny fotoana ampianarana azy fa tsy tahaka ny teo aloha.*
- **Manao ahoana ny endriky ny fanombanana ny vokatra azon'ny mpianatra ?**
  *Misy karazany 3 ny tombanezaka hampiharina ho an'ny mpianatra mandritra ny fianarany :*
  *- Tombana am-panofanana : Evaluation formative : mandritra ny taom-pianarana*
  *- Tombana isaky ny 2 volana sy any amin'ny faran'ny taona : Evaluation sommative sady formative.*
  *- Tomban'ezaka isaky ny faran'ny zana-dingana: Evaluation certificative de fin de cycle*
  *Ny tombana rehetra dia manara –penitra : Evaluation critériée.*
- **Hahazo ny fanampiana azon'ny FAF koa ve ny taona faha-6 sy faha-7 sa tafiditra ho isan'ny CEG ?**
  *Hahazo fanampiana azon'ny FAF koa izy ireo.*

## MOMBA NY FANDAHARAM-PIANARANA :

- **Ho tonga ara-potoana ve ny fandaharam-pianarana ?**
  *Efa vita ny fandaharam-pianarana ho an'ny Taona voalohany sy faha-6.*
- **Inona no ho teny enti-mampianatra ?**
  *Ny teny malagasy no teny enti-mampianatra amin'ny 5 taona voalohany. Manomboka amin'ny taona faha-6 dia ampianarina amin'ny teny Frantsay ny Matematika, ny Siansa ary ny Teknôlôjia.*
- **Ny fifidianana ny malagasy ho teny enti-mampianatra ve tsy midika ho fiverenana amin'ny fanagasiana ?**
  *Ny ministera tsy nampiasa ny teny hoe fanagasiana mihitsy, ny fanapaha-kevitra ny hampiasana ny tenin-dreny hanabeazana no tiana hamafisina.*
  *Taona Voalohany ka hatramin'ny Taona faha-5 :*
  *- Teny malagasy : teny enti-mampianatra sady taranja ampianarina*
  *- Teny frantsay : taranja ampianarina manomboka amin'ny Taona Voalohany*
  *- Teny anglisy : taranja azo ampianarina manomboka ao amin'ny Taona faha-4, tsy maintsy ampianarina amin'ny Taona faha-6 sy Taona faha-7 :*
  *- Teny malagasy : taranja ampianarina sady teny enti-mampianatra ny taranja literera sy siansa sôsialy.*
  *- Teny frantsay : taranja ampianarina sady teny enti-mampianatra ny taranja matematika, siansa, teknôlôjia*

- *Teny anglisy : taranja tsy maintsy ampianarina manomboka ao amin'ny Taona faha-6.*

- **Misy fifandraisany ve ny fandaharam-pianarana vaovao sy ny tranainy ?**
  *Samy mitodika amin'ny APC izy roa.*

- **Ny fanavaozana fandaharam-pianarana ve midika koa ho fanavaozana ny calendrier scolaire ?**
  *Tsy miova ny halavan'ny fotoana ianarana : 12 taona ihany manomboka amin'ny dingana voalohany hatramin'ny ambaratonga faharoa.*
  *Ny fandaminana ny dingana no miova ka ny 5+4+3 dia lasa ho 7+3+2.*
  *Hisy fanovana miandalana ny calendrier mba hanatsarana ny halavan'ny fotoana ianaran'ny mpianatra.*

- **Rahoviana no tena ampiasaina ny fandaharam-pianarana vaovao ho an'ny dingana voalohany, ny fanabeazana fototra dingana faharoa ?**
  *Ho an'ny dingana voalohany dia amin'ny septambra 2008.*
  *Ho an'ny fanabeazana fototra dingana faharoa, amin'ny 2010-2011.*

- **Mba hidirana taona faha-6, ny fanadinana atao ao an-tsekoly ve tsy efa ampy ?**
  *Mandra-pahatafapetraky ny fanabeazana fototra 7 taona dia tazonina hatrany ny CEPE hidirana ho taona faha-6. Rehefa tafapetraka ny fanavaozana, ny fanadinana ao an-tsekoly no hidrana taona faha-6.*

- **Tsy hisy CEPE amin'ny endriny tranainy intsony ve ary ho tonga ny CEPE amin'ny endriny vaovao ?**
  - *Tazonina hatramin'ny taona 2012 ny CEPE mandra-pahatafapetraky ny fanabeazana fototra 7 taona,*
  - *Aorian'ny 2012, mari-pahaizana mifandraika amin'ny fianarana 7 taona no homena ny mpianatra izay manan-danja kokoa noho ny teo aloha.*

- **Hisy zana-dingana efatra ve ny Dingana Voalohany : CP1-CP2/CE/CM1-CM2/6$^{e}$-7$^{e}$ ?**
  *Hisy zana-dingana telo.*

- **Inona no fanavaozana hampidirina ao amin'ny fandaharam-pianarana ?**
  *Ampifandraisina ny fahalalana sy ny fahaiza-manaon'ny mpianatra mba hahafahany miatrika sy mamaha ireo olana tojo azy eo amin'ny fiainany.*

- **Moa ve fandaharam-pianarana 2 samy hafa no horaisina ho an'ny tanàn-dehibe sy ny ambanivohitra ?**
  *Tokana ny fandaharam-pianarana ho an'ny sekoly malagasy eto Madagasikara.*

- **Mbola hisy ve ny fanadinana ôfisialy CEPE, BEPC sy bakalôrea ?**
  *Eny.*

## MOMBA NY FARI-PAHAIZAN'NY MPIANATRA :

- **Manao ahoana ny tsanganan'ny mpianatra nahavita ny taona fahafito ?**
  - *Mpianatra mahafehy tenim-pirenena sy teny vahiny*
  - *Mpianatra manana ireo fahalalana fototra, sy fahaiza-manao amin'ny matematika sy ny siansa sosialy*
  - *Tanora afaka misafidy hiditra amin'ny tontolon'ny asa, na hanohy fanabeazana ambony*

- *Tanora mahay mamakafaka sy mikaroka avy amin'ny fanomezana azy ny fahalalana sy ny fahaiza-manao fototra mba hahafahany manapa-kevitra sy mamaha ny olana eo amin'ny fiainany sy eo amin'ny asany*

- **Inona no maha samihafa ny dingana voalohany 5 taona sy ny 7 taona ? Hanao ahoana ny fari-pahaizan'ny mpianatra aorian'ny 7 taonan'ny dingana voalohany ?**

  *Tsy hoe ny votoatin'ny fandaharam-pianarana 5 taona no aparitaka ao amin'ny an'ny 7 taona, na koa hoe ampiana ny votoatim-pampianaran'ny roa taona voalohany tao amin'ny fanabeazana fototra dingana faharoa ny fandaharam-pianarana 5 taona fa mamaritra fandaharam-pianarana vaovao mihitsy miainga amin'ny tsanganana vaovao. Ka io tsanganana vaovao io dia tokony haneho ny fahaiza-manao hotratrarina mandritra ny fanabeazana.*

- **Mampihena ny taham-pamerenan-taona ve tsy midika hoe mampidina ny fari-pahaizan'ny mpianatra ?**

  *Fanadihadiana maro no efa nanaporofo fa ny famerenan-taona dia tsy mahatonga ny mpianatra ho mahay sy mahomby kokoa. Rafitra fanohanana ara-pedagôjia sy tantsoroka ary fanatsarana ny fianaran'ny mpianatra (fampianarana hoenti-manenjika fahatarana…) no tsy maintsy atao mba hampihenana ny taham-pamerenan-taona.*

- **Hitovy fari-pahaizana amin'ny ankizin'ny tany mandroso ve ny zanakay amin'ny fiafaran'ny dingana voalohany 7 taona ?**

  *Ny votoatin'ny fandaharam-pianarana dia ampifanarahana amin'ny zava-misy eto an-toerana sy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, izany hoe amin'ny zava-misy eto Madagasikara sy izao tontolo izao. Hisy fanatanterahana fitsapana iraisam-pirenena ara-potoana hoenti-manombana ny vokatra azon'ny mpianatra tahaka ny PASEC (Programme d'analyse du système éducatif des pays membres de la CONFEMEN).*

## MOMBA NY FANOROAN-DALANA NY MPIANATRA :

- **Halefa aiza ny mpamerin-taona ao amin'ny kilasy faha-6 amin'izao ?**

  *Raha nanao ny asany tsara ny talen-tsekoly sy ny mpampianatra dia tsy tokony hisy mpianatra mamerina ny Taona faha-6.*

  *Raha sanatria ka misy izany dia homena fampianarana manokana mandritra ny fialan-tsasatra ireo mpianatra ireo mba ialana amin'izany.*

- **Aiza no hanohy ny fianarany ny ankizy mahavita ny taona faha-5? Ao amin'ny taona faha-6 vaovao ve sa any amin'ny kilasy faha-6 any amin'ny fanabeazana fototra dingana faharoa ? Inona no mahasamy hafa an'izany ?**

  *Ho an'ny CISCO ampiharana ny fanavaozana, ny mpianatra nahavita ny taona faha-5 dia handeha any amin'ny EPP izay nanokafana taona faha-6 na any amin'ny CEG mandray ny taona faha-6 vaovao ka mitovy daholo ny fandaharam-pianarana.*

  *Ho an'ny CISCO tsy mbola ampiharana ny fanavaozana dia mianatra any amin'ny CEG toy ny teo aloha ihany .*

- **Ny mpianatry ny fanabeazana tsy miankina izay ho afaka CEPE amin'ity 2008 ity ve mahazo miditra any amin'ny EPP vaovao izay nanokafana taona faha-6 ?**

  *Afaka manao izany izy ho an'ny CISCO ampiharana ny fanavaozana amin'ity taom-pianarana 2008-2009 ity.*

## MOMBA NY BOKY FIANARANA :

- **Hahazo boky hanampy azy amin'ny fianarany ve ny mpianatra ?**

  *Eny.*

- **Hatao ahoana ny boky fianarana ampiasaina amin'izao fotoana izao ?**

  *Mbola hampiasaina foana izy ireny ho an'ny sekoly rehetra tsy mampihatra ny fanavaozana. Ampiasaina mandrakariva ho tahirin-kevitra.*

- **Ahoana ny fomba hampiasan'ny mpianatra sy ny mpampianatra ireo boky fianarana vaovao ?**

  *Homena fiofanana momba ny fampiasana ny boky vaovao ny mpampianatra.*

- **Iza no hahazo tombontsoa ?**

  *Ny mpianatra rehetra amin'ny sekolim-panjakana na amin'ny sekoly tsy miankina.*

- **Hisy ve ny fanavaozana boky fianarana ?**

  *Boky fianarana vaovao no ampiasaina any amin'ny sekoly mampihatra ny fanavaozana.*

- **Amin'ny teny inona ireo boky vaovao ?**

  *Ny taona voalohany hatramin'ny taona fahadimy dia amin'ny teny malagasy avokoa ankoatran'ny taranja frantsay.*

  *Ny taona fahaenina sy fahafito dia amin'ny teny malagasy ny taranja malagasy sy ny siansa sôsialy, ary amin'ny teny frantsay ho an'ny taranja siantifika.*

- **Maimaim-poana ve ny boky fianarana ?**

  *Eny.*

## MOMBA NY FANAMBOARANA EFITRANO FIANARANA :

- **Raha tsy maintsy atao ny fanavaozana, ampy handraisana ny mpianatra ve ny efitrano ananantsika ?**

  *Hisy efitrano fianarana 1000 vaovao hamboarina handraisana ny ankizin'ny taona faha-6 amin'ny septambra 2008.*

- **Inona no tokony hataoko raha mila efitrano aho? Iza no hatoniko? Iza no hanatanteraka ny asa? Iza no handoa ny vola ?**

  *Manatona ny Sampan-draharahan'ny Fanamboaran-tranon-tsekoly.*

- **Mbola azo atao ve ny fanamboaran-trano miainga avy amin'ny fandraisana andraikitry ny fokonolona? (sekolim-pokonolona)**

  *Azo atao fa tsy maintsy manaja ny fenitry ny fanamboaran-trano sy ny fepetra manodidina izany.*

**MOMBA NY MPAMPIANATRA :**

- **Ho ampy ve ny mpampianatra ?**

  *Efa nisy fandraisana mpampianatra 2800 hitazona ny taona faha-6 sy faha-7 izay miofana any amin'ny CRINFP nanomboka tamin'ny volana nôvambra 2007 hatramin'ny volana aogositra 2008.*

- **Iza no hanofana ny mpampianatry ny fanabeazana fototra dingana faharoa tsy miankina ?**

  *Efa misy fiaraha-miasa eo amin'ny INFP sy ny Foibem-pitondra nasionaly misahana ny sekoly tsy miankina momba an'io.*

- **Ahoana no hiatrehan'ny mpampianatra ny fanavaozana ?**

  *Homena fiofanana mifandraika amin'izany ny mpampianatra ny taona voalohany amin'ny volana aogositra ary hotohizana izany fiofanana izany any amin'ny rafitry ny tambajotran'ny mpampianatra.*

- **Ho aiza ireo mpampianatra am-perinasa ankehitriny ?**
  **(mpampianatra kilasy faha-6 amin'izao)**

  *Ny mpampianatra manana CAP/CEG dia hijanona any amin'ireo fanabeazana fototra dingana faharoa vaovao na ny Kôlejy Filamatra. Izay manana bakalôrea dia hampianatra any amin'ny taona faha-6 sy faha-7. Hanaraka fiofanana mitohy izy ireo.*

- **Hampianatra inona izy ireo satria ankehitriny dia mampianatra taranja iray na roa izy ?**

  *Omena fiofanana izy ahazoany tsanganana mitovy amin'ny mpampianatra ESS.*

- **Iza no hampianatra any amin'ny taona faha-6 sy faha-7 vaovao ?**

  *Ny mpampianatra ESS voaofana hampianatra na taranja literera na taranja siantifika*

- **Hisy fandraisana mpampianatra vaovao ve? Inona no fepetra takiana?**

  *Hisy fandraisana mpampianatra vaovao hatrany. Fananana bakalôrea no takiana.*

- **Mahazo mampianatra any amin'ny kilasy faha-6 sy faha-7 vaovao ve ny mpampianatra FRAM ?**

  *Raha mahafeno ny fepetra takina voalaza etsy ambony.*

- **Mahazo mampianatra any amin'ny kilasy faha-6 sy faha-7 vaovao ve ny mpampianatra mpiasam-panjakana ao amin'ny dingana voalohany amin'izao fotoana izao ?**

  *Raha mahafeno ny fepetra takina voalaza etsy ambony.*

- **Samy hafa ve ny satan'ny mpampianatry ny dingana voalohany ankehitriny sy ny an'ny kilasy faha-6 sy faha-7 vaovao ?**

  *Eny.*

- **Hisy fandaharam-piofanana manokana ho an'ny mpampianatra ve ? Rahoviana ?**

  *Eny, araka ny fandaharam-pianarana vaovao.*

- **Hahazo fiofanana sy fanampiana hoenti-mandray ny fanavaozana avokoa ve ny mpampianatra rehetra ?**

  *Eny.*

- **Iza no mpampiofana ary inona no fandaharana sy votoatin'ny fiofanana ?**

  *Ny mpampiofan'ny CRINFP no mampiofana manaraka ny fanavaozana.*

- **Hisy rafi-panombanana ny vokatry ny fiofanana ve ? Ahoana no hanatanterahana azy ? Inona no mety ho vokatr'izany ?**

- *Mpampianatra FRAM : misy endrika maromaro isehoan'ny fanombanana eo ; raha mahomby izy dia hisy akony amin'ny karamany izany.*
- *Mpampianatra ESS : hisy fanombanana amin'ny fiafaran'ny taom-piofanany.*

- **Ho hain'ny talen-tsekoly ve ny hitantana ny satany vaovao ?**

  *Homena fiofanana manokana izy ireo amin'izany.*

## MOMBA NY RAY AMAN-DRENY :

- **Inona no fepetra raisin'ny Fanjakana hoenti-manohana ny fanovana ho 7 taona ny fanabeazana fototra ?**

  *Ireto avy :*
  - *fanamboarana efitrano fianarana,*
  - *famporisihana ny ray aman-drenin'ny mpianatra hampianatra ny zanany raha vao feno 6 taona,*
  - *Famolavolana fandaharam-pianarana vaovao,*
  - *Fanofanana ny mpampianatra ESS,*
  - *Fampitaovana ny sekoly toy ny boky, dabilio, …*
  - *Fanohizana ny ezaka fanamaivanana ny fahasahiranan'ny ray aman-dreny : kitapo sy fitaovam-pianarana, fanafoanana ny saram-pisoratana anarana, fampitomboana ny vola fanampiana ho an'ny mpampianatra FRAM, …*

- **Hisy fanavaozana ve ny ahafahana miditra taona voalohany any amin'ny dingana voalohany ?**

  *Tsia.*

- **Hosaziana amin'izay ve ny ray aman-dreny tsy mandefa ny zanany mianatra ?**

  *Andraikitry ny ray aman-dreny ny mandefa ny zanany mianatra satria zon'ny ankizy izany.*

## MOMBA NY ANJARA ASAN'IREO MPIKATROKA :

- **Amin'ny maha-CISCO, ben'ny tanàna, FRAM, ray aman-dreny, talen-tsekoly : inona no anjara asako ?**

  *Fiaraha-misalahy, fiaraha-miombona antoka amin'ny fanatanterahana ny fanavaozana.*

- **Hazavaina amin'ny DREN sy CISCO ve ny fomba fijery sy fomba fiasa, ny rafitra mpandoa vola, sy ny zavatra rehetra tokony hataony ?**

  *Tsy maintsy mahafantatra izany amin'ny antsipiriany izy ireo.*

Sary : MEN, UNICEF, Seta Ramaroson
Sari-tànana : Gilbert Rakotosolofo
Fandokoana sary : Stéphan Pelayo
Mpanoratra : Hanta Rajoharison, Victor Raharimanantsoa
Mpanitsy : Jean Baptiste Randrianandrasana, Eddie Rasoamanambola
Fandrindram-pejy : Iandrisoa Hardy, Francky Rajohnarisoa
Mpanatontosa : Seta Ramaroson
Fifandraisana amin'ny mpiara-miasa : Faneva Raharimanantsoa
Misahana ny famoronana : Patrick Vergeynst, Anil Kessavdjee
Mpanonta : Imprimerie

Mpanatanteraka :

MéDIA RESSOURCES

Mpiombona antoka :

unicef

© MEN, Jolay 2008